

Fifanekana andrasana amin'ny Pasteur sy ny Loholona.



Manolo-tena ho **Mpitandrina/Loholona** ny tenan'i Kristy aho ka hitaiza sy hanao mpianatra ny mpino eto amin'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin, amin'ny fanatanterahana izay rehetra andrasan'ny mpikamban'ny fiangonana araka ny listra hita ao amin'ny Fanekem-pihavanana ny Fiangonana. Ho fanampin'izany dia manolo-tena aho ho amin'ireto **Fifanekena** manaraka ireto:

1. Hitady ny fitarihan'Andriamanitra aho ho an'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin mba hahafahako mitantana sy mandrindra izay rehetra anana'ny fiangonana amin'ny fomba izay manome voninahitra an'Andriamanitra (**Asa. 20:28; 1 Petera 5: 1-4**).
2. Hikarakara ny Fiangonana aho ary hitarika amin'ny fahasoavana, fahamarinana ary fitiavana (**Matio 28: 16-20; Efesiana 4: 15-16; Jak. 5:14; Kolosiana 1:28**).
3. Hampianatra ny Tenin'Andriamanitra rehetra aho ka hijanona amin'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany. (**1 Timoty 4: 1-5; 2 Timoty 3: 16-17**).
4. Hampianatra sy hampitao ny mpikamban'ny Fiangonana ho vonona amin'ny asa fanompoana (**Efesiana 4: 11-16**).
5. Hiaro ny fotopampianaran'i Fiangonana Batista izay mivondrona ao anatin'ny Fiangonana evenjelika, ary hiambina ny fiangonana amin'ny mpampianatra sandoka sy ny fampianaran-diso (**Asa. 20:28; Matio 7:15; 1 Timoty 1: 3-7**).
6. Hiezaka hitondra tena amin'ny fahitsiana, ary hataoko loha laharana amin'ny fanompoana ny fianakaviako (**1 Timoty 3: 1-7**). Fantatro tsara fa ny fomba fiainako sy ny fitondrako ny tenako dia hisy fiatraikany amin'ny Fiangonana izay tarihiko ka hiaina aho amin'ny fomba manandratra ny lazan'Andriamanitra eto amin'ny Fiangonana Baptista Biblika eto Fort Dauphin.
7. Hitari-dàlana ny fiangonana aho amin'ny fampiharana ny fifampifehezana amin'ny fomba feno fahasoavana sy fitiavana, miaro ny fahasalaman'ny fiangonana amin'ny ankapobeny (**Jak. 5: 19-20; Matio 18: 15-20; 1 Korintiana 5; Galatianina 6: 1**).